TATITRY NY FILAN-KEVITRY

NY MINISITRA

Talata 07 jolay 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Notapahina nandritra ny Filan-kevitry ny Minisitra ny handraisana fepetra hanakanana ireo tranonkala maneho sy manaparitaka sary sy sarimihetsika mamoafady izay voamarika fa manohintohina ny filaminam-bahoaka, mifandraika amin'ny fitondran-tena mendrika amin'ny fiainana andavanandro. Mibaribary fa mahatonga ny firoboroboan'ny karazana tsy fandriam-pahalemana mitranga eto amin'ny Firenena ny fisian'ireo tranonkala ireo. Hifandrimbona ireo Minisitera sy masoivohom-panjakana voakasika rehetra amin'ny fanatanterahana izany.

MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY + MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA + MINISITERA DELEGE MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Nohamafisina ireo fepetra noraisina hiarovana ny zaza malagasy manoloana ireo fangalaran-jaza mifanesy miseho eto amin'ny Firenena.

II. FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolanina ny didim-panjakana anekena ny Antenimieram-pirenena hanao fivoriana tsy ara-potoana.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Nolanina ny volavolan-dalàna mikasika ny ady atao amin'ny heloka ana habaka (*cybercriminalité*).

Antananarivo, 07 jolay 2026,

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika